Soraty, fa mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, tsy misy mivoaka avy aminy afa-tsy ny fahamarinana ihany”

Tatitra azo avy tamin'i Abdollahi bn Àmro (R.A) niteny hoe : Nosoratako avokoa izay rehetra henoko tamin'ny irak'Allah, izay tiako hotadidina, fa noraran'ny koraisita aho, ary hoy izy ireo : Moave soratanao daholo izay renao avy amin'ny irak'Allah (S.A.W)?, Nefa ny Mpaminany (S.A.W) anie olombelona miteny am-pahatezerana sy am-pahatsorana? dia najanoko ny fanoratana ary nolazaiko tamin’ny irak’Allah izany, ka nanondro ny vavany tamin’ny rantsantanany izy (Mpaminany) ary niteny hoe : “Soraty, fa mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, tsy misy mivoaka avy aminy afa-tsy ny fahamarinana ihany”.

[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Daòd]

Nilaza i Abdollah bin Àmr (R.A) : Nanoratra izay rehetra reko tamin'ny irak'Allah aho mba hitahirizana izany an-tsoratra, ka nisy andian'olona maro avy amin'ny nanakana ahy, ary niteny izy ireo hoe : Ny irak'Allah (S.A.W) dia olombelona miteny amin'ny am-pifalina sy am-pahatezerana, ary mety ho diso fiheverana, ka najanoko avy hatrany ny fanoratana. Dia nolazaiko tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ny teny nolazain'izy ireo, ka nanondro ny vavany tamin'ny rantsantanany izy ary niteny hoe : Soraty, fa mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, tsy misy mivoaka avy ao aminy (vavany) afa-tsy ny fahamarinana amin'ny toe-javatra rehetra, na amin'ny hafaliana na amin'ny hatezerana. Hoy Allah Tsitoha momba ny Mpaminaniny (S.A.W) manao hoe : (Ary tsy miteny araka ny sitrapony izy, fa izany dia faminaniana tonga taminy) [AN-NAJM : 3- 4].

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65077